



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA

Fivavane · Tanindrazana · Fandrosoana

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-98

**FANOLORANA NY TATITRA NATAON'NY VAOMIERA MANOKANA
MISAHANA NY FIAMPANGANA MANOLOANA NY FITSARANA AVO
(COMMISSION SPECIALE SUR LA MISE EN ACCUSATION DEVANT LA HCJ)**

Fivoriana faha-12
Natao ny
Talata 24 Novambra 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sadera
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Talata 24 Novambra 2020 tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fanolorana ny tatitra nataon'ny Vaomiera Manokana misahana ny Fiangangana Manoloana ny Fitsarana Avo (Commission Spéciale sur la mise en Accusation Devant la Haute Cour de Justice).

Nivory ny Talata 24 Novambra 2020 tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro, ny Antenimierampirenena. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana sy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sadera no nanatontosa izany.

Taorian'izay, notsiahivin-dRamatoa Filoha ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Rehefa izany, niroso avy hatrany tamin'ny votoatin'ny fandaharam-potoana ny mpivory ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera Manokana ny tenany mba hamaky ny tatitry ny asa nataony.

Noho ny mbola tsy fahavitan'ny fivorian'ny Vaomiera Manokana dia voatery naato 5 minitra ny fivoriana.

Teo ampiverenan'ny fivoriana dia nangataka satroka avy hatrany Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, Filohan'ny Vaomiera Manokana; niala tsiny noho ny fahatarana, fa mbola nisy fivoriana natao satria sarotra ny asa atrehana. Tsy maintsy jerena daholo koa ireo antontan-taratasy rehetra.

Maro ny pitsopitsony tsy maintsy arahina, ka nangataka ny hanemorana ny fotoana hanaovana ny tatitra ny tenany satria miankina amin'izany ny fiainan'olona voakasik'ity raharaha ity.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa araka ny voalazan'ny lalàna, tokony ho amin'ity fivoriana ara-potoana faharoa ity no hanatanterahan'ny Vaomiera Manokana ny tatitra ataony eto amin'ny Antenimierampirenena.

Ho valin'ny fangatahana nataon'Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera Manokana dia nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny tsangan-tànana ny mpivory mba ahafahana mandray fanapahan-kevitra momba izany.

Ho valin'ny fangatahana nataon'Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera Manokana dia nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny tsangan-tànana ny mpivory mba ahafahana mandray fanapahan-kevitra momba izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 53 no nandany ny hanemorana ny fotoana, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa ahemotra amin'ny manaraka ny fotoana hanaovan'ny Vaomiera Manokana ny tatitra eto amin'ny Antenimierampirenena saingy amin'ity fivoriana ara-potoana faharoa ity no hanatanterahany izany.

Niato tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.


RAZANAMAHASOA Christine Harijaona